

PERIKOPA ALAHADY 25 Janoary 2026
(Péricope du Dimanche 25 Janvier 2026)

Salamo / Psaume 27

Isaia / Esaïe 8.23 – 9.3

1 Korintiana / 1 Corinthiens 1 : 10 – 13 ; 17

Matio / Matthieu 4 : 12 - 23

**« Mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika,
mba hiray teny ianareo rehetra ka tsy hisy fisarahana eo aminareo,
fa mba ho tafakambana tsara ka hiray saina sy hevitra.»**

*« Frères et sœurs chrétiens, au nom de notre Seigneur Jésus-Christ,
je vous le demande, soyez tous d'accord entre vous.*

Parmi vous, pas de divisions ! Soyez très unis, ayez un même esprit et une même pensée.»

1 Korintiana / 1 Corinthiens 1.10

SALAMO 27 (MRV)

1 NY TOMPO no fahazavako sy famonjena ahy; iza no hatahorako? NY TOMPO no fiarovana mafy ho an'ny aiko; iza no hangovitako?

2 Raha manatona ahy mba hihinana ny nofoko ny ratsy fanahy izay fahavaloko sy rafiko dia izy tenany ihany no tafintohina ka lavo.

3 Na dia misy tafika mitoby hiady amiko aza dia tsy hatahotra ny foko; na dia misy ady mihatra amiko aza dia hatoky ihany aho.

4 Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'NY TOMPO, izany no hotadiaviko: Ny hitoetra ao amin'ny tranon'NY TOMPO amin'ny andro rehetra hiainako mba hijery ny hatsaran'NY TOMPO sy handinika ny tempoliny.

5 Fa hanafina ahy ao an-trano fialofany izy amin'ny andro fahoriana; hampierey ahy ao amin'ny fierena ao an-dainy izy; hanandratra ahy ho eny ambony vatolampy izy.

6 Koa ankehitriny dia hisandratra ho ambonin'ny fahavaloko manodidina ahy ny lohako ka hanolotra fanatitra hihobiana ao an-dainy aho; hihira sy hankalaza NY TOMPO aho.

7 Mihainoa, TOMPO ô, fa mitaraina mafy aho; mamindrà fo amiko ka valio aho!

8 Raha hoy lanao: Tadiavonareo ny tavako! Dia hoy ny navalin'ny foko: Eny, ny tavanao no tadiaviko, TOMPO ô!

9 Aza manafina ny tavanao amiko, aza mandroaka ny mpanomponao an-katezerana! Lanao no famonjena ahy, aza manary na mahafofy ahy, ry Andriamanitry ny famonjena ahy!

10 Efa nahafofy ahy ny ray aman-dreniko nefa mandray ahy kosa NY TOMPO.

11 Ampianaro ny lalanao aho, TOMPO ô; tariho amin'ny lalana tokony halehako aho noho ny fahavaloko.

12 Aza manolotra ahy ho amin'ny sitrapon'ny mpampahory ahy fa mitsangana hiampanga ahy ny vavolombelona mandainga izay mifofo loza.

13 Raha izay re aho no tsy nanantena hahita ny fahasoavan'NY TOMPO amin'ny tanin'ny velona!

14 Manantenà NY TOMPO ianao! Matokia, ary aoka hahery ny fonao! Eny, manantenà NY TOMPO ianao!

PSAUME 27 (PDV)

1 Le Seigneur est ma lumière et il me sauve, je n'ai peur de personne. Le Seigneur protège ma vie avec puissance, je ne tremble devant personne.

2 Quand des gens mauvais s'avancent pour me détruire, ce sont eux, mes ennemis féroces, qui perdent l'équilibre et qui tombent.

3 Si une armée se prépare à m'attaquer, je n'ai pas peur. Même si on me fait la guerre, je garde confiance.

4 Je demande une chose au Seigneur, je cherche une seule chose : habiter la maison du Seigneur tous les jours de ma vie. Là, je veux admirer sa beauté et le contempler dans son temple.

5 Oui, quand tout va mal, le Seigneur m'abrite sous son toit. Il me cache au fond de sa maison, il me place en sécurité au sommet d'un rocher.

6 Maintenant je regarde fièrement les ennemis qui m'entourent. Dans la maison du Seigneur, je peux offrir des sacrifices au milieu des cris de joie. Je veux chanter, je veux jouer pour le Seigneur.

7 Écoute-moi, Seigneur, je t'appelle ! Aie pitié de moi, réponds-moi !

8 Je pense à ce que tu as dit : « Cherchez mon visage ! » Seigneur, c'est ton visage que je cherche.

9 Ne me cache pas ton visage, ne me repousse pas avec colère ! C'est toi, mon secours, ne me quitte pas, ne m'abandonne pas, Dieu, mon sauveur !

10 Même si mon père et ma mère m'abandonnent, le Seigneur me recevra.

11 Seigneur, montre-moi ton chemin, conduis-moi sur une route sans obstacle à cause de ceux qui me surveillent en cachette.

12 Ne me livre pas aux griffes de mes adversaires. Oui, de faux témoins se lèvent contre moi, en crachant la violence.

13 Mais, j'en suis sûr, je verrai la bonté du Seigneur sur cette terre où nous vivons.

14– Compte sur le Seigneur, sois fort, reprends courage, compte sur le Seigneur !

ISAÏA 8.23 – 9.3 (MRV)

8.23 Tsy hanjombona mandrakariva anefa ilay efa niharam-pahoriana. Taloha dia natao tsinontsinona ny tany Zebolona sy ny tany Naftaly; fa amin'ny ho avy kosa dia homeny voninahitra ny lalana amoron-dranomasina, any andafin'i Jordana, dia any Galilia, tanin'ny Jentilisa.

9.1 Ny olona izay mandeha amin'ny maizina dia mahita mazava lehibe; izay mitoetra amin'ny tanin'ny aloky ny fahafatesana no amirapiratan'ny mazava.

9.2 Hamaroinao ity firenena ity ary ampitomboinao ny hafaliany. Mifaly eo anatrehanao tahaka ny hafaliana amin'ny fararano izy; eny, tahaka ny fibitahan'ny olona raha mizara babo.

9.3 Fa ny bao fitondrany entana sy ny tsorakazo nikapohana ny lamosiny, izay tsorakazon'ny mpampiasa azy, dia tapahinao tahaka ny tamin'ny andro namelezana ny Midianita.

ESAÏE 8.23 – 9.3 (PDV)

8.23 Ceux qui sont dans cette nuit ne peuvent pas s'en échapper. Dans le passé, le Seigneur a couvert de honte le territoire de Zabulon et celui de Neftali. Mais dans l'avenir, il couvrira d'honneur la route qui suit la mer, la région à l'est du fleuve Jourdain et la Galilée, région des étrangers.

9.1 Le peuple qui marche dans la nuit voit une grande lumière. Pour ceux qui vivent dans le pays de l'obscurité, une lumière se met à briller.

9.2 Seigneur, tu les inondes de bonheur, tu fais grandir leur joie. Ils se réjouissent devant toi comme on se réjouit en faisant les récoltes, comme on crie de joie en partageant les richesses des ennemis vaincus.

9.3 Oui, tu arraches ton peuple au pouvoir qui pèse sur lui. Le bâton qui blesse ses épaules, le fouet qui le frappe, tu les brises comme tu l'as fait le jour où tu as vaincu les Madianites

1 KORINTIANA 1 : 10 – 13 ; 17 (MRV)

10 Mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hiray teny ianareo rehetra ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara ka hiray saina sy hevitra.

11 Efa nambaran'ny avy amin'ny ankohonan'i Kloa tamiko mantsy ny mombamomba anareo, ry rahalahiko, fa misy fifampindaniana eo aminareo.

12 Miteny izany aho satria misy aminareo milaza hoe: Izaho dia an'i Paoly, izaho dia an'i Apolosy, izaho dia an'i Kefasy, izaho dia an'i Kristy.

13 Voazarazara va Kristy? I Paoly va no voahombo tamin'ny hazofijaliana hamonjy anareo, sa ho amin'ny anaran'i Paoly no nanaovana batisa anareo?

17 Fa tsy naniraka ahy hanao batisa Kristy fa hitory ny Filazantsara, tsy tamin'ny teny fahendrena, fandrao ho foana ny hazofijalian'i Kristy.

1 CORINTHIENS 1 : 10 – 13 ; 17 (PDV)

10 Frères et sœurs chrétiens, au nom de notre Seigneur Jésus-Christ, je vous le demande, soyez tous d'accord entre vous. Parmi vous, pas de divisions ! Soyez très unis, ayez un même esprit et une même pensée.

11 Oui, mes frères et mes sœurs, les gens de la famille de Chloé m'ont appris qu'il y a des disputes entre vous.

12 Voici ce que je veux dire : chacun de vous affirme des choses différentes. L'un dit : « Moi, j'appartiens à Paul. » L'autre dit : « Moi, à Apollos. » Un autre encore : « Moi, j'appartiens à Pierre. » Et un autre dit : « Moi, au Christ. »

13 Est-ce que le Christ est divisé ? Est-ce que c'est Paul qui a été cloué sur une croix pour vous ? Est-ce que c'est au nom de Paul que vous avez été baptisés ?

17 Le Christ ne m'a pas envoyé baptiser, mais il m'a envoyé annoncer la Bonne Nouvelle sans me servir des paroles de la sagesse humaine. Ainsi, la mort du Christ sur la croix ne perd pas son pouvoir.

MATIO 4 : 12 - 23 (MRV)

12 Nony ren'i Jesosy fa voasambotra i Jaona dia nihataka nankany Galilia Izy.

13 Koa rehefa niala tany Nazareta Izy dia nankany Kapernaomy, izay any amoron-dranomasina, ao amin'ny zaratanin'ny Zebolona sy ny Naftaly ka nonina tao

14 mba hahatanteraka izay nampilazaina an'Isaia mpaminany hoe:

15 «Ny tanin'i Zebolona sy ny tanin'i Naftaly, ny lalan'ny ranomasina, any andafin'i Jordana, dia Galilia, tanin'ny Jentilisa,

16 ny olona izay nitoetra tao amin'ny maizina dia nahita mazava lehibe; ary ireo izay nitoetra tao amin'ny tany aloky ny fahafatesana no niposahan'ny fahazavana» (Isa 8.23; 9.1).

17 Tamin'izany andro izany no nanomboka nitoriteny Jesosy ka nilaza hoe: Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra.

18 Raha nitsangantsangana teny amoron'ny ranomasin'i Galilia Jesosy dia nahita olona mirahalahy, dia i Simona, izay atao hoe: Petera, sy i Andrea rahalahiny, nanarato teny amin'ny ranomasina izy ireo fa mpanarato.

19 Hoy Jesosy tamin'izy ireo: Andeha hanaraka Ahy fa hataoko mpanarato olona ianareo.

20 Dia nandao ny harato niaraka tamin'izay izy ireo ka nanaraka Azy.

21 Ary raha mbola nandroso Izy dia nahita olona mirahalahy hafa koa, dia i Jakoba, zanak'i Zebedio, sy i Jaona, rahalahiny, izay niara-nipetraka tamin'i Zebedio rainy teo an-tsambokely ka nanamboatra ny haratony; ary niantso azy mirahalahy koa Izy.

22 Dia nandao ny sambokely sy ny rainy niaraka tamin'izay izy ireo ka nanaraka Azy.

23 Ary Jesosy nandeha manerana an'i Galilia ka nampianatra tao amin'ny sinagogan'ny olona teo sy nitory ny Filazantsaran'ny fanjakana ary nanasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra tamin'ny olona.

MATTHIEU 4 : 12 - 23 (PDV)

12 Jean a été mis en prison. Quand Jésus apprend cela, il part pour la Galilée.

13 Il ne reste pas à Nazareth et il va habiter à Capernaüm, au bord du lac, dans la région de Zabulon et de Neftali.

14 Ainsi se réalise cette parole du prophète Ésaïe :

15 « Pays de Zabulon et de Neftali, près de la mer, de l'autre côté du Jourdain, Galilée, pays de ceux qui ne sont pas juifs !

16 Le peuple qui habite dans la nuit a vu une grande lumière. Pour ceux qui vivent dans le sombre pays de la mort, une lumière a brillé. »

17 À partir de ce moment, Jésus se met à annoncer : « Changez votre vie ! Oui, le Royaume des cieux est tout près de vous ! »

18 Jésus marche au bord du lac de Galilée. Il voit deux frères : Simon, qu'on appelle Pierre, et André son frère. Ce sont des pêcheurs, et ils sont en train de jeter un filet dans le lac.

19 Jésus leur dit : « Venez avec moi, et je ferai de vous des pêcheurs d'hommes. »

20 Aussitôt, ils laissent leurs filets et ils suivent Jésus.

21 En allant un peu plus loin, Jésus voit deux autres frères : Jacques et Jean, les fils de Zébédée. Ils sont dans la barque avec leur père Zébédée. Ils réparent leurs filets. Jésus les appelle.

22 Aussitôt ils laissent leur barque et leur père et ils suivent Jésus.

23 Jésus va dans toute la Galilée. Il enseigne dans les maisons de prière juives, il annonce la Bonne Nouvelle du Royaume, il guérit les gens de toutes leurs maladies et de toutes leurs douleurs.